FILOHA RAVALOMANANA

Loza mitatao ny tsy fanomezan'ny fitondrana hasina ny Fitsarana

Nisy ny fanambarana nataon'ny filoha Marc Ravalomanana omaly, novakiana tao amin'ny fandaharana Miara-manonja, izany dia amin'ny maha-ray amandreny teto amin'ny firenena azy, sy amin'ny maha-filoha teo aloha an'i Dada ihany koa.

«Manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena mahakasika ny didy navoakan'ny fitsarana ady heloka tsotra , ka nanasaziana telo volana an-tranomaizina sazy mihàtra azy 9 mianadahy tamin'ireo 11 nosamborina ny 20 febroary 2021 lasa teo ; manoloana ny didy izay navoakan'ny Conseil d'Etat mahakasika ny fifidianana Ben'ny tanàna tao Nosy be, kanefa dia namoahan'ny minisiteran'ny fitsarana « arrêté ministeriel, ho fampiatoana izany didy izany , izaho Marc Ravalomanana, tsy amin'ny maha lehiben'ny antoko mpanohitra ahy, fa amin'ny maha Filoham-pirenena teo aloha sy maha Ray aman-dreny ahy dia manao izao fanambarana izao : Voalohany : mivoaka ny « Rariny sy ny Hitsiny » ary ny «ara-dalàna» (principe de légitimité et de légalité) ny fanjakana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny firenena, ka mampiasa ny fahefana nampindramin'ny vahoaka azy hamoretana ny vahoaka malagasy. Tsy heloka ny fanehoan-kevitra ara-politika ao anatin'ny fifanajana , tsy heloka ny manao akanjo na lokon'akanjo izay tian'ny tsirairay, fa safidy izany. Tsy nanakorontana na nanimba zavatr'olona na nanohitra mpitandro filaminana ireo 11 miandahy nosamborina, ka nampidirina am-ponja vonjimaika ary nogadrainareo ireo. Tsy nisy fampitandremanana na «sommation », izay nataon'ny tompon'andraikitra tokony hanao izany mialoha, ny fandravana fihetsiketsehana sy fisamborana ataon'ny mpitandro filaminanana araky ny voafaritry ny lalàna velona. Faharoa : ny fitsabatsabahan'ny fahefana mpanatanteraka amin'ny asan'ny fahefana mpitsara dia fanitsakitsahana ankitsirano ny demokrasia, sy ny « principe de séparation de pouvoir », ka mahatonga ny tsy fisian'ny Fanjakana tan-dalàna. Fahatelo : mahakasika ilay raharaham-pifidianana ben'ny tanàna tao Nosy be, izay efa namoahan'ny Conseil d'Etat didy raikitra kanefa dia tsy afaka notanterahina izany noho ilay fanapahan-kevitra noraisin'ny Minisitry ny fitsarana dia tiako ny manamarika, fa loza mitatao eto amin'ny firenena izany satria dia tsy omen'ny fahefana mpanatanteraka ny hasiny intsony ny fitsarana eto Madagasikara , koa na inona na inona fanapahan-kevitra raisin'ny fitsarana dia zava-poana izany, fa ny mpanatanteraka dia afaka manao izay tiany hatao, satria izy no mibaiko sy mandidiy eto amin'ny firenena. Tsy mahagaga noho izany raha tsy mipetraka intsony ny maha « juge de droit et de faite » anareo Mpitsara, fa lasa « jugé d'inculpations » ianareo, koa izay baikon'ny mpanatanteraka no arahinareo. Manoloana izany loza mitatao eto amin'ny Firenentsika amin'ny fanitsakitsahina ny zo maha olona sy ny tsy fanajana ny andrim-panjakana misy , faritan'ny lalam-panorenana sy ny lalàna velona eto amin'ny firenenana dia manao antso avo aminareo mpitsara, mba tena hijoro amin'ny maha ianareo anareo, ka hitsara araka ny zava-misy sy ny feon'ny fieritreretanareo ianareo. Manaraka izany dia manao antso avo ihany koa ny tenako amin'ireo fiarahamonim-pirenenana , ireo fikambanana miaro ny zon'olombelona, mba handraisanareo ny andraikitrareo, ka ho sahy mamaky bantsilana ny tsy rariny rehetra sy ny famoretana ny vahoaka malagasy izao, mba hahafahantsika miaraka miaro ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna.

Homba antsika Andrimanitra ».

Nangonin'Isambilo

Sahia Lasa Zao

Niditra tamin'ny laharana faha-2 omaly

Niditra tamin'ny laharana faha-2 omaly, ny fandaharana: Sahia Lasa Zao, vokarin'ny vondron'ny antoko mpanohitra eto Madagasikara: RMDM, mandeha amin'ny radio sy ny fahitalavitra MBS isaky ny alarobia sy zoma amin'ny 8 ora sy sasany alina. Ny nanokatra ity fandaharana ity, vahiny tamin' izany ny alarobia teo, ny filoha lefitry ny RMDM amin'ny Faritanin'Antananarivo Alaina Andriamiseza. Omaly alina indray dia Rakotomalala Henri na Riribe, kandida solombavambahoaka tao Toamasina, no sady filoha nasionalin'ny FEDEP Madagasikara, sy Randriamamizafy Ignace dit Gôna, CT teo aloha, no vahiny tamin'ity fandaharana ity. Samy mpikambana ao anatin'ny RMDM izy ireo. Voaresaka nandritra ireo fandaharana ireo, ireo tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina amin'ny fitantanany ny valanaretina coronavirus. Noanterina nandritra izany koa ny fiandrasana ny vaksiny hoenti-miady amin'izany valanaretina izany, voaresaka fa vonona ny hatao vaksiny mialoha ny mpanohitra amin'io fanefitr'ity aretimandoza ity izao. Ity fandaharana ity dia misokatra amin'ny olom-pirenena rehetra tsy ankanavaka, hilazany ny zava-misy sy marina eto amin' ny firenena.

Gôna sy Riribe, vahiny tao amin'ny fandaharana Sahia Lasa Zao.

Niaina

Lalaina Rabezanahary

Hizaka ny tsy eran'ny aina indray ny sekoly tsy miankina

Manoloana ny fikatonan'ny sekoly amin'izao fotoana, noho ny valanaretina coronavirus, milaza ny heviny ny talen'ny sekoly tsy miankina Les Rossignols, Lalaina Rabezanahary. Hizaka ny tsy eran'ny aina indray ny sekoly tsy miankina hoy izy amin'izao hamehana ara-pahasalamana izao. " Tsy hisy hivaky loha amin'ny sekoly tsy miankina indray ve ny mpitondra?

6 volana tamin'iny taompianarana lasa 2020 iny, niaina tao anatin'ny saro-pady ny Sekoly tsy miankina. Nampitrosaina vola tao amin'ny CNaPS no hany mba vaha olana hitan'ny mpitondra. Zavatra tsy rariny ny toy izany. Niezaka nifampiraharaha tamin'ny Ray aman-dReny ny mpitantana, saingy ny Ministera tamin'izany indray no toa nitsivalana nalaina, na ny nanentana ny Ray aman-dReny aza tsy nataony.

Vokany : betsaka ireo sekoly nikatona ary betsaka ny zaza nitsoaka an-daharana hatramin'izao.

Ampy kosa izay amin'ity indray mitoraka ity. Tsy hanaiky fanapotehana ny fanabeazana izay intsony izahay tompon'andraikitra amin'ny sekoly tsy mainkina.

Ampy izay, tsy hilefitra ary hitaky hatramin'ny farany izahay ny mba hijeren'ny fanjakana ity sehatra iray ity. Sehatra izay manana ny anjara toerany lehibe, satria isan'ny filamatra tsara raha mbola vokatra sy fahaizana eto amin'ny Firenena, nefa dia izao no anaovana azy.

Dieny mbola vao hanomboka ity raharaha ity dia efa mampaneno kiririoka izahay, aleo mba ho jerena ny vaha olana maharitra, fa tsy ho zaka intsony, raha trosa 7 volana lasa teo efa nozakaina mbola hampiana indray.

Tsy miteny aho eto hoe ampianaro ny mpianatra, saingy jereo ny sekoly sy ny mpanabe ao aminy, satria ny Ray aman-dReninny mpianatra koa sahirana ankehitriny.

Aza mialokaloka amin'ilay hoe Vacances de Pâques lavareny, fa efa fantatray ny ho tohiny, satria tsy hisy fitsaharany indray io raha tsy any amin'ny Grandes Vacances raha izao zava-misy izao. Aza araraotina izahay mpanabe, fa mba hasio hasiny ihany tompoko fa aza atao filan'ny tsy mahita isaky ny propagandy.

Manantena izahay fa hijery manokana ity raharaha ity ny mpitondra.

Aza miandry "sarom-bilany variant 2021" re tompoko sao ho loza no iafarany! Aleo dieny izao mifampiresaka.

Farany, tsy vatsy tsinjo no ilaina, fa vahaolana maharitra. Averiko indray tsy vatsy tsinjo, fa vaha olana maharitra".

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fanatanjahantena

Mila haverina indray ny fifaninanana eo amin'ny samy sekoly

Anisany nampavitrika ny zaza, ny zatovo, ary ny tanora malagasy tany an-tsekoly taona maro lasa izay ny fanatanjahantena an-tsekoly, nisian'ny fifaninanana teo amin'ny samy sekoly (inter-établissement). Isaky ny alarobia hariva na alakamisy hariva tamin'izany teo Mahamasina dia nisy ny fifaninanana ara-panatanjahantena teo amin'ny samy sekoly, na miankina, na tsy miankina amin'ny fanjakana dia samy nandray anjara, ary be mpijery tokoa ireo lalao natao tamin'izany, be koa ny mpandray anjara. Nitaiza sy nanabe mpianatra tokoa izany ary nitondra soa ho azy. Anisan'ny nisongadina tao anatin'izany fitaizana izany ny fitiliana sy fahitana ireo havanana amin'ny taranjam-panatanjahantena iray. Niavaka izy ireo teny amin'ireo fifaninanana tao amin'ny sekoliny, na teo amin'ireo sekoly samihafa mandray anjara.

Vao mainka koa nampitombo ny finiavana tao anatin'ireo mpisehatra, rehefa nisy ny fifaninanana tamin'ny fanatanjahantena an-tsekoly, toy ny teo amin'ny lafiny hazakazaka na taranja baolina kitra, ka nanainga ny toetsaina hikatsaka ny lenta ambony izay tratran'ny ankizy sy tanora mpilalao. Na somary tsy nivelatra firy aza ny fahazoana vaovao sy fahalalana tamin'ireny taranja samihafa nifaninanana ireny tamin'izany fotoan'andro nisian'izany, dia nisongadina ny talenta tao amin'ireo niavaka. Raha teo amin'ny taranja baolina kitra, ohatra, dia nisy maro ireo mpilalao Malagasy nanana ny naha izy azy tokoa tamin'ny fahaizany. Tsy lavina, tsy tafasandratra ambony tamin'ny fifaninanana teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny ekipa Malagasy, na klioba na ekipam-pirenena, kanefa nanamarika ny baolina kitra Malagasy tokoa ireo mpilalao ary mipetraka ho tantara izany.

Ankoatra ny fifaninanana tamin'ny taranjam-panatanjahantena na tao an-tsekoly na isan-tsekoly ka niadiana amboara, dia tsy azo odian-tsy hita ihany koa ny fiantraikany tsara teo amin'ny fifandraisana teo amin'ireo mpianatra nifanerasera. Sady notezaina izy ireo no nifampitaiza ihany koa.

Manampy ireo, misy tombontsoa ho an'ny sekoly ihany koa izany ankoatra ny fahafantarana azy sy ny mety mampahalaza azy. Nisy ireo sekoly nalaza tamin'ireo zatovo sy tanora tao aminy na ny mpilalaony sy ny ekipany tamina taranjam-panatanjahantena tamin'ny fotoan'andro.

Tombontsoa maro araka izany no azo tamin'ny fifaninanana fanatanjahantena an-tsekoly. Nisy fotoana tena niroboroboany ary nandrisika tokoa na ny sekoly na ny mpianatra. Taona maro anefa izao no niha-lefy na foana mihitsy aza ny tsy nisian'izany sehatra izany intsony. Tsy re intsony ny sekoly nisongadina toy ny fahiny amin'ny resaka fanatanjahantena, ka namoaka zatovo na tanora misandratra amina taranja iray. Misy fiantraikany amin'ny fitaizana ny zaza sy ny tanora Malagasy ankehitriny izany, izay iaraha-mahita eo amin'ny fiaraha-monina. Tsy tokony hadinoina fa mbola mitoetra mandrakariva ny fitaizana voarakitra ao amin'ny Soratra masina toy ny ao amin'ny Ohabolana 22:6: « Zaro amin'izay lalana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany». Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny sehapanabeazana ny fanatanjahantena ary any an-tsekoly no voalohany amin'ny mpisehatra amin'izany.

Radafy